TATITRA DINGANA FAHAROA: FANADIHADIANA IFOTONY

Firenena: MADAGASIKARA

Kaominina: SAKARAHA

Famintinana ny toe-java-misy eo amin'ny kaominina

Kaominina iray ao anatin'ny faritany Toliara, faritra Atsimo Andrefana i Sakaraha, manana mponina 40 000, velaran-tany 1371 $Km^{2,}$,Fokontany 23, sekoly fanabeazana fototra 18, sekoly tsy miankina 06, sekoly ambaratonga faharoa 1.

Raha ny toe-java-misy eo amin'ny kaominina momba ny mirelenta dia mitovy amin'ireo kaomina hafa ao anatin'ny faritra Atsimo Andrefana. Tsy dia mahazo vahana ny vehivavy amin'ny sehatra rehetra. Antony maro no mahatonga izany, fa ny tena antony lehibe indrindra dia ny fomban-drazana.
Isany manamarika io faritra io koa ny fanomezan'ny fiarahamonina vahana ny lehilahy hanambady betsaka.
Olana eo amin'ny kaominina ny:

- Fahasimban'ny tontolo iainana
- Fahasimban'ny toerana azo volena
- Tsy fahafantarana ny vokatra mivoaka (Vato sarobidy)
- Tsy fahampian'ny foto-drafitrasa (lakan-drano)
- Tsy fahampian'ny fidiaram-bola ho an'ny vehivavy

Vahaolana amin'izany:

- Fandraisana andraikitra amin'ireo mpitrandraka tsy manara-penitra
- Fitadiavana fomba ahafahana mifehy ny vokatra miditra sy mivoaka
- Fitadiavana paikady ahafahan'ireo vehivavy hampidi-bola

Valin'ny "carte des scores" (KARATRA ISA ANDREFESANA NY MIRALENTA ENY IFOTONY)

Tanjona	**Naoty nomen'ny kaominina (%)**	**Naoty nomen'ny Gender Links (%)**	**Naoty ifanarahana**
Sehatry ny pôlitika	75%		
Fitondram-panjakana	44%		
Fandaharanasa manokana ho an'ny vehivavy sy ny lehilahy	40%		
Fampidirana ny resaka Miralenta eo amin'ny fandaharana asa efa ataon'ny Kaominina	58%		
Fandraisana mpiasa	33%		
Rafim-pitantanana ny miralenta	0		
Salan'isa	**39%**		

FANADIHADIANA IFOTONY

SEHATRY NY POLITIKA

Fantatry ny kaominina Sakaraha ireo fifanarahana natao eto amin'ny firenena sy eo amin'ny faritry ny Ranomasimbe Indianina ny amin'ny iraisam-pirenena toy ny tamin'ny SADC momba ny miralenta sy fampandrosoana ary ny pôlitika hampitoviana hasina ny lahy sy ny vavy fa ny fanatanterahana azy no mbola ezaka lehibe.

FITONDRAM-PANJAKANA

- **Fitovian'ny isan'ny lahy sy ny vavy eo amin'ny kaominina**

Vitsy an'isa ireo vehivavy mandray anjara eo anivon'ny kaominina, raha eo amin'ny sehatry ny fanapahan-kevitra sy ny mpanolotsaina dia tsy ahitana vehivavy mihitsy na iray aza. Antony mahatonga izany ny:

- Fomba amam-panao sy fomban-drazana
- Tsy fitoviana eo amin'ny lahy sy ny vavy
- Tsy fananan'ny vehivavy zo hiteny sy hilaza hevitra eo anivon'ny fianakaviana sy ny fiarahamonina

Vahaolana amin'izany ny:

- Fanentanana faobe isaky ny fianakaviana eny anivon'ny fokontany tsirairay avy.
- Fivoriana matetika miaraka amin'ireo zokiolona eo an-tanàna
- Fananganana fikambanam-behivavy hiady ny zony.
- Fanentanana ny vehivavy mba hiditra eo amin'ny sehatry ny politika mba hanana toe-tsaina tia karokaroka.

Ireo kômity ao amin'ny kaominina Sakaraha:

	Lahy	**Vavy**	**Fitambarany**	**% Lahy**	**% Vavy**
Mpanolontsaina	7	00	7	100%	0%
Fanapan-kevitra	5	00	5	100%	0%
Mpiasan'ny Kaominina hafa	26	5	31	84%	16%
Fitambarany	**38**	**5**	**43**	**88%**	**12%**

- **Fandraisana anjara**

Ny lehilahy no tena mandray anjara betsaka amin'ny raharahan'ny kaominina sy ny fokontany rehetra. Tsy hita taratra ny vehivavy amin'ny fivoriana rehetra, ary na dia tonga mivory aza dia tsy sahy miteny akory.

- **Fandraisana anjaran'ny vahoaka**

Tsy dia hita taratra amin'ny fivoriam-pokonolona ny vehivavy, ny lehilahy ny tompon-kevitra rehetra sy tompon'ny fanapahan-kevitra.

DRAFITR'ASA HIASANA

Fizotry ny lamin'asa eo amin'ny kaominina

FANDAHARANASA MANOKANA HO AN'NY VEHIVAVY SY NY LEHILAHY

- **Fiarian-karena sy famoronana asa**

Raha ny toe-java-misy ara-toekarana no jerena dia:

- Manana solika efa eo andalam-pitrandrahana ny kaominina
- Betsaka ireo mpiompy omby, Osy ary akoho amam-borona
- Eo koa ny sehatry ny fambolena
- Varotra

Marihina fa ny varotra no sehatra tena ahitana ireo vehivavy betsaka indrindra.

- **Famatsiana**
  Tsy mbola manana paik'ady hampitomboana ny isan'ireo vehivavy ho mpandraharaha ny kaominina.
- **Trano fonenana**

  Tsy mbola manana toro marika momba ny fafanan-tany ny kaominina.

- **Kojakojam-piainana andavanandro**

Samy mandray anjara amin'ny fikarakarana ny fananana iombonana na ny lahy ny vavy.

- **Fahasalamana**
  - Manana tobim-pahasalamana ny kaominina ary mahazo tombony amin'izany ny vehivavy.

- **Fahasalamana sy tontolo iainanana sns.**

  - Efa nanao hetsika momba ny fiarovana ny tontoly ihainana ny kaominina.

FAMPIDIRANA NY RESAKA MIRALENTA AMIN'NY FANDAHARANA ASA EFA MISY
Drafitrasa hamongorana ny herisetra

FANDRAISANA MPIASA

- **Sivana sy fandraisana mpiasa**
  - Raha eo amin'ny fandraisana mpiasa dia tsy misy fanavakavahana na lahy na vavy.

- **Drafitrasa momba ny fandraisana mpiasa**

  - Mbola tsy manana drafitr'asa manokana momba ny fandraisana mpiasa ny kaominina
- **Fanofanana ho fanamafisam-pahaizana**
  - Tsy mbola nisy ny fiofanana momba ny miralenta nahafahan'ny lahy sy ny vavy nandray anjara teto anivon'ny kaominina.

RAFIM-PITANTANANA NY MIRALENTA

- **Teti-bola hampidirana ny miralenta**
  - Mbola tsy manana teti-bola manokana hampidirana ny miralenta

- **Tombana**

Dingana: Faha 2
Firenena: MADAGASIKARA
Toerana:Paletuvier
Daty: 31 Aogositra 2012
FANAMARINAM-PAHATONGAVANA

N°	Anarana sy fanampiny	Lahy (L)/Vavy(V)	Kaominina	Andraikitra	Téléphone	E-mail
1	BAO Georgette	V	Sakaraha	Chef de district	033 80 884 43	
2	RAPHAEL Jean François	L	Sakaraha	Maire	033 73 410 53	

Tahan'isa lahy sy vavy:

VAVY	1	50%
LAHY	1	50%
TOTALINY	**2**	**100 %**